Gazetiko 25 TAONA

**FIFANINANANA TONONKALO - HISY LOKA HOZARAINA** 3

ANDAVAMAMBA 3

# VOASAMBOTRA ILAY KARANA AHIANA HO NANOME ZAVA-MAHADOMELINA ZAZA

MARINA IZANY ! 8

## MIEZAKA MANDAMINA

FANAMBOARANA LALAM-PIRENENA 8

## HANOMBOKA AMIN'NY 20 MARSA HO AVY IZAO NY ANY MAEVATANANA



Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7520 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 14 martsa 2023

FANONDRANAN'OLONA : NOSY BE - MAYOTTE 3

# NAMPIDIRINA AM-PONJA ILAY LEHILAHY ATIDOHA NIKOTRIKA



(Tahirin-tsary)

GOVERNORAN'ALAOTRA MANGORO

## HAMETRAKA NY FANGARA-HARAN'NY FITANTANANA

8



ANDRY RAJOELINA TANY MOROMBE 8

## NAMALY NY FANGATAHAN' NY BEN'NY TANÀNA



Telma
'ZAH IHANY NO MAMPIDITRA NY 2TOI AKO !
#111*4*2*4*
NUM MPIVAROTRA#
Mora ampiasaina
Azo antoka
Hita n'aiza n'aiza
MANATONA IREO MPANINJARA 2TOI MAHAZATRA ANAO
G CL 440/25-11

ATAOVY @ MVola NY AUTO-RELEVÉ
Tsy misy taratasy fenoina
Tsy mivoaka ny trano
Tsy misy contact
Tsindrio ny #111*1*5#
MVola
G CL 439/13-6

Tojo - 6 taona nampianarana gitara

# Mikarakara fifaninanana hamoahana mpitendry "Manan-talenta"

*Alaina video amin'ny finday ny fomba fitendrena gitara ary azo atao daholo ny gadona sy hira amin'ny fiteny samihafa.*



**Gitara "Elctro Classique" iray mitentina hatrany amin'ny 700 000 Ariary sy ireo kojakoja miaraka aminy no loka ho an'ny voalohany.**

Noho ny fangatahan'ny maro izay manaraka ny fampianarana gitara an-jotra ataon' Andrianomenjanahary Tojo na Tojo-Guitariste dia mikarakara lalao fifaninanana mitendry gitara amin'izao faha-6 taona nampianarany gitara izao. "Mana-talenta" no anarana entiny manamarika ity fifaninanana ity. Antony raha ny fanazavana dia ny hamoahana ho hitan'olona ireo mpitendry gitara tsy misehoseho any ambadika any kanefa manana ny maha izy azy. Nisokatra ny alahady hariva teo ny fisoratana anarana ka ny 26 marsa izao no hifarana. Hanokatra pejy fesiboky vaovao hoe "manan-talenta" izy ary ao no handefasana ny sangansan' ireo izay te handray anjara. Alaina video amin'ny finday ny fomba fitendrena gitara ary azo atao daholo ny gadona sy hira amin'ny fiteny samihafa. Azo atao ihany koa ny mitendry sady mihira na mitendry dia maka mpihira hafa saingy ny fomba fitendrena gitara no tena hitsarana ny mpifaninana. Raha ny fanazavana nandritra ny resaka nifanaovana tamin'i Tojo dia ny 01 Aprily no hivoaka ny anaran'ireo hiatrika ny lalao manasadàlana ary ny 15 Aprily no hifarana ny fifantenana. Ny 23 aprily kosa no atao anaty efitrano lehibe eto Antananarivo ny famaranana ary amin'izay fotoana izay dia handray anjara amin'ny fanomezana naoty amin'ny alalan'ny "J'aime" ny mpanaraka ka ny 50% dia azy ireo fa ny 50% kosa an'ny mpitsara. Ankoatra an'i Tojo dia hanampy amin'ny fitsarana moa i Mbola Talenta sy Andrianaivo Teddy ( Teddy Solo).

**Loka goavana**

Hanolotra loka ho an'ireo manao ny famaranana amin'ity fifaninana mitendry gitara ity i Tojo. Ho an'ny volaohany kosa dia loka goavana no hatolotra azy ka ny lehibe indrindra amin'izany dia Gitara "Elctro Classique" iray sy ireo kojakoja miaraka aminy sy tranona gitara iray, fametrahana gitara (pied) . Ankoatra izay dia mbola omen'i Tojo azy ihany koa ny feon-kira amin'ny gitara izay noforoniny. Nomarihany fa ireo mpandray anjara avy any amin'ny faritra dia mianto-tena raha tafiditra ho isan'ireo tafiakatra amin'ny famaranana izy.

**Tiaray R**

Fifaninanana Miss Maman Madagascar

# Misy 33 ireo reny hanaraka fiofanana sy hiatrika ny famaranana



**Ireo reny 33 hiatrika ny famaranana.**

Misokatra ho an'ny reny rehetra ary nentina indrindra hanohanana ny vehivavy izay indraindray tsy omena lanja nefa manana ny maha izy azy ny fifaninanana « miss maman ». Nisy 314 ireo nisoratra anarana hanao izany fa ny 33 tamin'izy ireo ihany anefa no voatazona taorian'ny fifidianana nataon' ny olona tao anaty fesiboky sy ny sivana nataon'ny mpitsara. Ireo 33 ireo ihany koa araka izany no nanao ny fifaninanana voalohany tao amin'ny IKM tamin'ny 8 martsa teo ary tsy nisy ny fifanintsanana fa izy rehetra ihany koa no miara-miakatra amin'ny dingana famaranana izay ho tanterahana amin'ny 3 jona izao. Mandritra io famaranana io vao hisy fifanitsanana hatao ka ny 10 amin'izy ireo ihany indray no hiatrika ny dingana farany ka eo vao ho fantatra izay hisalotra ny « miss maman » amin'ity taona ity.

**Toy ny mpanjaka**

"Comme une reine" na hoe toy ny mpanjakavavy, io no lohahevitra noraisina tamin' ny fifaninanana voalohany ka dia niakanjo toy ny mpanjakavavy avokoa ireo reny nandray anjara. Marihana moa fa avy amin'ny faritra 15 ireto reny ireto,misy koa ny reny manana fahasembanana. Mialoha ny fifaninanana moa dia misy hatrany ny fiofanana omena azy ireo ka anisan'izany ny asa famoronana izay nahafahan'izy ireo nanamboatra ireo akanjony toy ny mpanjaka, eo koa ny famolavolana ny fahatokisan-tena sy ny fomba atao hialàna amin'ny rarin-tsaina. Misy koa ny fiofanana momba ny fandraisam-pitenenana eo imason'olona maro, ny fandraharahana ary ny fananganana tetikasa. Amin'ny volana aprily indray vao hitohy ny fiofanana omena azy ireo izay. Faritra telo moa no hanaovana ny fiofanana: misy any Mahajanga ho an'ireo izay amin'iny faritra iny, betsiboka sy ny manodidina, misy any Antsirabe ho an'izay avy any atsimo rehetra ary misy ny eto Antanananarivo ho an'ny eto afovoan-tany sy ny avy any Atsinanana.

**Tanya.R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Raha tena tiako ny hiova sy hanapa-kevitra tokoa dia hialako ireo toetra fahiny, halaviriko ny manome tsiny."
Ny Vetso (03.03.14)

Thierry Dekapy

# Handalo eto amintsika, hizara voan-dalana ny 2 aprily



**Vonona hitondra vazo mafana ry Dekap's Band.**

Ho avy handalo eto an-tanindrazana i Dekapy. Artista azo lazaina fa kitro hifaharan'ny mozika rock eto amintsika ny lehilahy. Mpamoron-kira, mpihira sady mpitendry gitara kalaza ny lehilahy. Tarika maromaro no efa niara-niasa tamin'i Dekapy. Tao amin'ny tarika Green no nanombohany, efa mpikambana tao amin'ny Red Metal, ny tarika Apost sy ny maro hafa. Efa an-taonany maro no nialany teto an-tanindrazana, ka nanorimponenana sy mila ravinahitra any Frantsa. Mandalo rehefa mahazo fialantsasatra no handalovany eto. Ka araka ny programany, dia amin'ity volana martsa ity izy no handalo eto an-tanindrazana. Hisy ny fihaonany amin'ireo mpankafy mozika mavesatra eto an-drenivohitra ny alahady 2 aprily 2023 izao. Eny amin'ny kianja maitso Analamahitsy no hiakatsehatra ny lehilahy, hizara voan-dalana (mozika) amin'ireo rehetra mamaly ny antsony.

*Haharitra adiny 4 ny seho hatolotry ny tarika Dekap's band sy ry Rheg The Gang ao amin'ny Kianja maitso Analamahitsy ny 2 aprily izao.*

**Dekap's band**

Hatramin'ny nipetrahany tany ampita. Nandeha irery nitondra ny vazony i Dekapy, ka Dekap's Band no anarana hoentin'izy ireo. Tanora milona ao anatin'ny mozika rock avokoa ireo miara-dia aminy anatin'io tarika io izay ahitana an'i Tsiory (batteur) mpitendry ao amin'i Rolf sy Oloblaky ; Teddy (gitara) mpitendrin'i Mage 4 ; Tsanta (gitara beso) mptendry ao amin'ny Amboara, miampy an'i Anja (mpihira). Ity fiakarana an-tsehatra ity, dia voalazany fa tokony ho natao tamin'ny taona 2020 fa noho ny fihibohana dia izao vao tanteraka. Haharitra adiny 4 ny fampisehoana, ka ireo hira rehetra voarakitra tao anatin'ny tahirin-kira roa navoakan'ny tarika tao amin'ny Nudacy Records no nomanin'izy ireo. Dia « *Hiara-hiampita* » sy « *Tsiaro …vetivety* », miampy ireo vazo vaovao toa ny « *Hitambatra ho iray* ». Hiray sehatra amin'izy ireo ao an-toerana ny tarika Rheg The Gang, hitondra ny vazony rehetra.

**Fy**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 494/20-10)

* Lamba, kiraro, fanaka, kojan-dakozia, machine, bisikileta, cahier. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 499/10-5)

### AMIDY

* Tany amidy : Alatsinainy Ambazaha, 300m², 245m², 400m². Prix : 29.000Ar/m². Accé. Tél : 034.48.649.43. (G-BA 500/10-3)

### FAMPIANARANA

* Sahaja Yoga mampianatra méditation gratuit @ A.N.S Ampefiloha isaky ny Alahady. Tél : 034.66.819.53. (G-BA 501/7-3)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, bacs à graisse, pompage, puisard, réhabilitation. Tél : 034.16.145.06. (G-BA 477/20-2)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 480/10-1)

* Vidange fosse, wc 101, wc gasy Makiplast, puisard, débouchage. Tél : 033.21.723.00/ 034.20.084.25. (G-BA 490/15-13)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 497/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 497/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 497/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 498/20-6)

### MITADY ASA

* Femme de ménage efa za-daharaha kilasy mody. Tél : 034.37.780.61. (G-BA 0502 /1)

Fanondranana olona - Nosy Be - Mayotte

# Lehilahy iray nidoboka am-ponja vonjimaika

*Mpandeha 21 namoy ny ainy ary 24 velon' aina soa aman-tsara.*

Mbola anisan'ny tranga mitana ny sain'ny mpanarabaovao ny raharaha faharendrehan'ny lakam-by iray nentin'ireo andian'olona nikasa hiondrana an-tsokosoko niala teto Madagasikara ho any Mayotte. Araka ny angom-baovao sy antontan' isa farany avy amin'ny zandary dia olona 47 no tao anatin'ilay lakam-by (la coque) ka ny mpandeha 21 no namoy ny ainy ary 24 velon' aina soa aman-tsara saingy tafatsoaka noho ny tahotra fanadihadiana ary olona 2 hafa mbola tsy hita popoka. Somary nahitana fiovaovana ny isa noho ny fanamarinana farany izay tsy maintsy nataon'ireo mpitandro ny filaminana teny an-kianja.

**Naiditra am-ponja**

Mifandraika amin'ity tranga ity dia lehilahy iray no nosamborin'ny mpitandro ny filaminana ka nakarina fampanoavana tao Nosy Be. Naiditra am-ponja vonjimaika io olona io ny sabotsy lasa teo. Izany hoe anisan'ireo mpiantsehatra amin'ny raharaha fanondranana olona ny tenany miala avy ao Nosy-Be mankany Mayotte. Tsy vao sambany akory izao raharaha izao ary vao tsy ela akory izay no nisy fahafatesana olona maromaro ihany koa noho io fanondranana olona antsokosoko io. Sokajiana ho heloka bevava izany ka io no nahatonga ny fitsarana tsy nandefitra tamin'ity lehilahy iray izay voalaza etsy ambony ity. Araka ny angombaovao fa vehivavy bevohoka iray izay anisan'ireo tao anatin'ilay lakam-by rendrika tao Ankazomborona Ambilobe no fantatra fa velona mbola manaraka fitsaboana ao Ambilobe.

**Ariel D.**

Andavamamba

# Voasambotra ilay karàna ahiana ho nanome zava-mahadomelina zaza

Ny alahady teo no niseho ny tranga teo akaikin'ny fiangonana iray tetsy Andavamamba. Teratany karàna ity ahiana ho nanome zava-mahadomelina zaza ity. Efa voasambotry ny polisy izy ka nentina tao amin'ny kaomisaria «Central » Tsaralalana, avy eo nalefa eny amin'ny « brigade criminelle ». Torana tsy nahatsiaro tena mihitsy ilay zaza ahiana ho lasibatr' izany fanomezana rongony mavesatra izany. Araka ny fanazavan'ny ray amandrenin'ireto farany dia zazavavy telo, samy mbola tsy ampy taona no nokasain'ity karana sahabo ho 60 taona ity nahodinkodina. Nandritra ny fisavana natao azy dia nahitana sary mamoafady tao anaty findainy. Zaza avokoa no hita tao ary misy ny sasany nanaovana filandratsy. Ankoatra izay dia nahitana fanafody mampatanjaka tao anaty kitapon'ilay teratany vahiny rehefa nataon'ny mpitandro ny filaminanana ny fisavana. Nitantara ny ray aman-drenin' ireto ankizy fa hoe nanatona an'ireo zaza ireo ilay karàna. Nanontany azy izy : *"Afaka manome fanasana anareo ve aho, hisakafo sy hiaraka amiko ?"*. Soa ihany fa nisy nahatsikaritra ny fihetsiny hafahafa niresaka tamin' ireto ankizy. Nanatona avy hatrany ireo olon-dehibe nahita ny tranga. Ireo zaza ireo rahateo tsy nanaiky fa nandà ny hiaraka aminy. Tao anatin'izany no toa namoaka fofona hafahafa ny vavan' ilay karana ka nampalemilemy ny roa tamin'ireto zaza, hoy ihany ny fanazavana. Nitsoaka moa ilay vahiny nony avy eo rehefa tsy nahazo izay notadiaviny kanjo izao voasambotra izao. Mbola mandeha ny fanadihadiana hoy ny polisy.

**Ariel D.**

Vangaindrano

# Tranona zandary misotro ronono nisy namaky

Nisehoana vaky trano tany amin'ny distrikan'i Vangaindrano andro vitsy lasa izay. Fantatra fa trano tao amin'ny zandary misotro ronono mipetraka any Talakimaso ao amin'ny fokontany Mahazoarivo any an-toerana no lasibatry ny asa ratsy tamin'izany ka entana maro no lasa tao. Nandeha ny fanadihadiana. Nisy olona nahiahiana ho nanao ity vaky trano ity ka rehefa nahazo "ordre de perquisition" ireo mpitandro filaminana dia niroso tamin'ny fisavana ny tranony. Nandritra izany fisavana dia hita tao ireo entana very rehetra tao amin'ilay tokantrano nisy namaky toy ny fahitalavitra roa, finday telo, firavaka volafotsy sy firavaka volamena, décodeur startimes, rice-cooker ary chargeur finday maromaro. Olona iray no nosamborina tamin'io fotoana io ary efa nentina tany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana ary notanana tao aloha.

**T.H**

Farafangana

# Mpivady voasoloky vola 45 tapitrisa ariary, olona 4 voasambotra

Mpivady no voasoloky vola mitentina 45 tapitrisa ariary tany Farafangana. Olona efatra no voasambotra voarohirohy ho nanao izany. Araka ny fanazavana azo dia nilaza ireo olon-dratsy fa misy fitaovam-pambolena iray kaontenera avy any ivelany tonga any amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina ka noresen'ny mpisoloky lahatra izy mivady ireto haka ireo entana ireo ary mila vola hamoahana ireo entana ao amin'ny fadin-tseranana sy hitaterana ireo entana. Rehefa nifampiresaka izy ireo dia resy lahatra izy mivady satria tena ilain'izy ireo rahateo ireo entana voalaza ireo ka nanaiky izay notenenin'ny olon-dratsy izany hoe nanome izay vola nangatahan'ireo. Nahatratra an-tapitrisany maro ny vola efa azon'izy ireo kanefa tsy nisy akory ilay entana.

**T.H**


**Gazetiko**

**25 taona**

## FIFANINANANA TONONKALO

### FITSIPIKY NY FIFANINANANA

***Feno 25 taona katroka amin'ny 7 aprily 2023 ho avy izao ny GAZETIKO. Noho izany jobily volafotsy izany, dia misy ny "Fifaninanana tononkalo".***

Toy izao ny fitsipiky ny fifaninanana :

***And. 1 :*** Misokatra amin'ny mpamaky rehetra ny fifaninanana, tsy anavahana lahy na vavy, tsy anavahana taona. Tsy mahazo mandray anjara ny mpiasa sy ny vady aman-janany ato amin'ny Vondrona Midi Madagasikara izay misy ny Gazetiko.

***And.2 :*** Amin'ny teny Malagasy ny tononkalo izay hisy andininy roa, tsy hihoatra ny andalana valo. Lohahevitra : "Gazetiko 25 taona".

***And.3 :*** Hisy dingana roa ny fifaninanana. Ny voalohany hifantenana izay 10 (folo) tsara indrindra. Ny faharoa indray kosa, ianareo mpamaky no hifidy izay 5 (dimy) tena tsara indrindra amin'ireo.

***And.4 :*** Ny mpanoratra 5 (dimy) sy ny mpamaky 5 (dimy) mendrika indrindra samy hahazo loka. Toy izao ny fitsinjarana izany :

| Ho an'ny mpanoratra : | | Ho an'ny mpamaky: | |
|---|---|---|---|
| Voalohany: | 500.000 ariary | Voalohany : | 250 000 ariary |
| Faharoa : | 400.000 ariary | Faharoa : | 200 000 ariary |
| Fahatelo : | 300.000 ariary | Fahatelo : | 150.000 ariary |
| Fahefatra : | 200.000 ariary | Fahefatra : | 100.000 ariary |
| Fahadimy : | 100.000 ariary | Fahadimy : | 50.000 ariary |

***And. 5 :*** Ampiarahana amin'ny takelaka fandraisana anjara izay hetezana eto amin'ny GAZETIKO ny tononkalo hifaninanana. Tsy ekena sy tsy manan-kery ny dika mitovy (photocopie)

***And. 6 :*** Takelaka fandraisana anjara iray, tononkalo iray. Araka izany, afaka mandefa takelaka fandraisana anjara maromaro ny mpandray anjara amin'ny fifaninanana.

***And.7 :*** Aterina aty amin'ny GAZETIKO enceinte Midi Madagasikara Ankorondrano Antananarivo Renivohitra, fara fahatarany **ny sabotsy 25 martsa 2023 hatramin' ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara miaraka amin'ny tononkalo ary ny **zoma 7 aprily 2023 hatramin'ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara amin'ny fifantenana ireo tononkalo 5 (dimy) tsara indrindra

***And. 8 :*** Ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana dia midika avy hatrany ho fanekena ity fitsipika ity.

**Gazetiko**

**25 taona**

## FIFANINANANA TONONKALO

### TAKELAKA FANDRAISANA ANJARA

Anarana : ....................................................................................................................

Fanampin'anarana : ......................................................................................................

Adiresy : .......................................................................................................................

Laharana finday : ..........................................................................................................

*Aterina aty amin'ny* **Gazetiko** *enceinte* **midimadagasikara**
***Ankorondrano Antananarivo Renivohitra*** *farafahatarany ny*
***SABOTSY 25 MARTSA 2023*** *hatramin'ny* ***12 ora*** *antoandro*
*ity takelaka fandraisana anjara ity miaraka amin'ny tononkalo hifaninana.*

Antananarivo Renivohitra

# Mitarika fitohanana lavareny ireo lalana potika

*Lasa aiza ny tamberin'andraikitra amin'ny hetra aloan'ny mponina sy ny FER.*



**Voatery mandeha miadana ny fiara rehefa mandalo lalandratsy ka mitarika fitohanana lavareny izany.**

Mikaikaika amin'ny fahapotehan'ny arabe eto Antananarivo Renivohitra ny mponina. Feno lavaka ny lalana ka miezaka miala izany ireo fiara. Vokatr'izany, mitohana izay tsy izy ny fifamoivoizana, izany hoe raha 45 minitra no mahazatra hamitan'ny olona iray ny diany lasa ora roa izany ankehitriny raha kely indrindra. Betsaka kokoa io fitohanana io rehefa avy ny orana satria miakatra izay tsy izy ny rano ary tsy mahita izay lalana ombana intsony ny fiara. Mahita faisana ihany koa anefa ny kodiaran-droa satria lavaka kely dia kely mety efa ampidi-doza ankehitriny ary raha lavaka kely no nisy tamin'ny herinandro ankehitriny efa tsy azo hidirana intsony raha tsy te ho simba fananana. Mangina tanteraka anefa ny kaominina Antananarivo Renivohitra eo anoloan'izany olana amin'ny fahapotehin' ny lalana izany. *"Misy ny Irsa sy ny FER alaina amin'ny vahoaka. Lasa aiza daholo ireo vola ireo"* hoy i Lova Ranjatoniaina, mpampiasa fiara. Mailaka ery ny kaominina mangataka ny handoavan'ny olona hetra saingy ny tamberin'andraikitra eo anoloan'izany tsy hita raha ny zava-misy eto no ambara. *"Ankoatran'ny fahapotehan'ny lalana, misy toerana totofana ihany koa eny Anosibe, vokatr'izany, vao avy kely ny orana dia efa manainga zipo ny olona, miditra hatrany an-trano mihitsy aza ny rano. Iantsoana fandraisan' andraikitra izany."* hoy kosa Larissa, renim-pianakaviana monina eny Anosibe.

**Nath**

SECES Antananarivo

# "Rariny ny fitakiana zo ataon'ireo mpianatra"

Manoloana ny zava-nitranga teny Vontovorona dia nanao fanambarana ny SECES Sampana Antananarivo. *"Rariny sady hitsiny ny fitkiana zo ataon'ireo mpianatra, dia hiainan'izy ireo ao anaty tontolo milamina mendrika ny ho antsoina hoe toeram-ponenan'ny mpianatry ny oniversite sy ny hisitrahan'izy ireo vatsim-pianarany ara-potoana tsy misy banga. Na izany anefa dia manameloka tanteraka ny hetraketraka, ny korontana, ny fihoaram-pefy , ny fampiasana hery, ary indrindra indrindra ny fanimbàna fanan'olon-tsotra na fananana iombonana izahay"*, hoy ny SECES Sampana Antananarivo ny faran'ny herinandro teo. Miantso fandraisana andraikitra hentitra mba hisian'ny vahaolana mahomby sady maharitra avy amin'ny mpitondra isan'ambaratongany fa tsy sanatria vahaolana tavan' andro, ihany koa ny Sendikàn' ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra. Nomarihan'ity farany fa *"tsy fanekem-pinoana akory na didy tsy azo ivalozana ny digitalisation ka tsy maintsy irosoana na dia hita aza fa sady tsy voafehy, mampitombo ny fatiantoka tsy hita noanoa amin'ireo mpianatra no zary lasa fanararaotan' ireo olom-bitsy"*. Mankahery sy mirary fahasitranana haingana ho an'ireo simba fanana sy naratra tsy fidiny koa ny SECES Sampana Antananarivo. Ny faran'ny herinandro teo moa no noraisin'ny Minisitry ny fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika ireo solontenan'ny mpianatra eny Vontovorona.

**Heriniaina A.**

Programa YALI

# Tanora mpitarika Malagasy 10 mianadahy miofana any Afrika Atsimo

Tanora mpitarika Malagasy 10 mianadahy indray no voafantina amin'ny andiany faha-20 amin'ny programa "YALI Regional Leadership Center Southern Africa". Ny Alakamisy 9 Martsa lasa teo izy ireo no nihaona teny amin'ny "American Corner" Antananarivo ary nandray ny torolàlana momba ny fiofanana izay hatrehina nanomboka omaly any Pretoria, Afrika Atsimo. Fiofanana haharitra 4 hatramin'ny 12 herinandro ary hiompana amin'ny asa fitarihana eny anivon'ny fiarahamonina sy fitantanan-draharahampanjakana ary fandraharahana no hataon'izy ireo any. Rehefa tafaverina eto Madagasikara ireto tanora Malagasy ireto dia avy hatrany dia hanatevin-daharana ny fianakaviamben'ireo maintimolalin'ny programa YALI ary hanohy ny fifanakalozana traikefa sy fiofanana ary fandaharanasa maro hafa. Tsiahivina fa nanomboka tamin'ny taona 2015 ny "YALI Regional Leadership Centers" na (RLCs) atao any Ghana, Sénégal, Kenya, sy Afrika Atsimo izay sehatra hifanakalozan'ny tanora aty atsimon'i Afrika traikefa sy soa fanararaotra, ary hanarahany fiofanana momba ny fahaiza-mitarika. Ny USAID no mpamatsy vola sady mpandrindra ny programa RLCs miaraka amin'ny "MasterCard Foundation" sy mpiara-miasa hafa avy amin' ny sehetra tsy miankina.



**Amin'ny sary eto izy folo mianadahy efa any Afrika Atsimo miatrika ny fifanakalozana.**

**Heriniaina A.**

Association des journalistes pour l'Environnement

# Nanatanteraka fambolen-kazo teny Soavina Ambanitsena

Antony iray manimba ny tontolo iainana ankehitriny ny doro ala, fanapahana hazo hatao fanaka na harina fandrehitra ary ny tavy. Mahatsapa ny vokadratsin'izany ny rehetra ankehitriny indrindra ny mpanao gazety izay miezaka mitatitra izany isan'andro. Ny taona 2009, nanatanteraka fambolenkazo teny amin'ny sahan'ny SAF Fjkm izay hita eny Soavina Atsimondrano ny fikambanan'ny mpanao Gazety miantsehatra amin'ny tontolo iainana. Hita ho fahombiazana izany satria ny 85%-n'ny zanakazo naniry avokoa ary efa manakaiky ny 1m50 ny halavany ankehitriny. Ny faran'ny herinandro teo, niverina teny an-toerana indray ireo mpikambana ao amin'ny AJE ka namboly zanakazo 250 isa indray izay ahitana acacia, frene, zacaranda ary café. Nisy ny fanohanan'ny minisiteran'ny tontolo iainana, ny Minisiteran'ny fiarovam-pirenena, Ambatovy ary ny Star tamin'ny fanatanterahina izany fambolen-kazo izany. *"Antompisian'ity fikambanana ity ny hahafahana mampiroborobo ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny mpanao gazety ka misy ny hetsika atao ho an'ny tontolo iainana amin'izany. Miankina be amin'io tontolo iainana io ny fampandrosoana ary efa hita sy tsapa ny voka-dratsy hateraky ny fahapotehan'izany. Manana adidy amin'ny fiarahamonina ny mpanao gazety ankoatran'ny fampahalalam-baovao ny fanentanana sy fanabeazana."* Hoy i Njaka Andriantefiarinesy, filohan'ny AJE.

**Nath**

" Malok'ILA Le Grand Retour "

# Hamorona asa maherin' ny 1 200

Naverina ny famokarana ilay horon-tsary « Malok'ILA » rehefa niato nandritra ny sivy taona. *« Hiomana hiditra eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena kokoa izahay. Ny tanjona dia ny hampiroborobo ny asa sy ny fampanana asa eo amin'ity sehatra ity raha tsy hilaza afa-tsy ny mpanoratra, ny mpanatontosa, ny mpilalao, ary ireo mpiara-miasa amin'ny fivarotana sy ny fanapariahana ny vokatra. Tamin'ny andiany nivoaka tamin'ny taona 2014 ohatra dia teo amin'ny 1 200 ireo ekipa nivarotra sy nanaparitaka ny kapila mangirina. Amin'ity « Malok'ILA Le Grand Retour » ity dia hihoatra lavitra io isa io ireo olona hahetsika amin'ny fivarotana sy ny fanapariahana ny vokatra manerana ny Nosy. »*, hoy Razafimandimby Mamitiana, tale jeneralin'ny SCOOP Digital Madagascar. Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy, omaly tao amin'ny Ivokolo Analakely, ny famokarana ilay horonan-tsary vaovao « Malok'ILA Le Grand Retour ». Ho hita ao avokoa ireo mpilalao rehetra nanamarika ity horonan-tsary mihetsika ity, ankoatra ireo dimy mianadahy efa nodimandry. Miresaka ny fahatongavan'ireo mpitaty ràn-kena taorian'ny fahafatesan'ny lohadohan'ny mpisoroana ao anatin'ny tantara ity vokatra manaraka ity, izay tonga hatramin'ny ady lova. Mialoha ny hamoahana azy amin'ny kapila mangirana anefa dia hisy ny fanatanterahana seho sehatra eo amin'ny 500 mandritra ny dimy volana, izay hoentina mitety faritra sy hatomboka amin'ny volana may ho avy izao. Nosokafana amin'ireo mpiara-miombona antoka maro samihafa ny fanatontosana ity horonan-tsary mihetsika ity, izay mbola ao anatin'ny fanodinana tanteraka mandraka ankehitriny, koa hisy ohatra ny fanabeazana ara-bola sy ny fampianarana amin'ny fikirakirana vola nomerika, ny fizarana vokatra mifanaraka amin'ny fahefa-mividy sy ny filàn'ny mpanjifa, sns.

*Hanaovana seho sehatra 500 mandritra ny dimy volana.*

**R. Muray**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Tsisy taona**




## Hatsikana an-tsary

**Ra Sefo**




## Masoandro Miposaka

**Hosea 2 : 21-22**

**Ary hofofoiko ho vadiko mandrakizay ianao, eny, hofofoiko ho vadiko amin'ny rariny sy ny hitsiny ary amin'ny fitiavana sy ny indrafo ianao; Eny, hofofoiko ho vadiko amin'ny fahamarinana ianao. Ka dia hahalala an'i Jehovah.**


## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Tari-Dalana




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Dridran'Isoama naraka : asian'ody vao mitatra.**

L'ulcère d'Isoamanaraka : quand on y met un onguent, il s'agrandit.

***Le remède fait empirer le mal !***

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2902

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 3 | | 9 | | | 7 | | |
| | | | | | | 2 | | |
| | | 6 | | | 5 | | | 8 |
| | | | 4 | | | | | 7 |
| | | | | | 8 | | 1 | |
| 2 | 5 | | 7 | | 3 | 6 | | |
| | | | | | 4 | | 7 | 3 |
| | | 1 | | | | | | 4 |
| | 9 | 7 | | | | | 6 | 1 |

Valin'ny laharana 2901

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 8 | 2 | 3 | 4 | 6 | 1 | 7 | 9 |
| 7 | 1 | 9 | 2 | 5 | 8 | 3 | 6 | 4 |
| 3 | 6 | 4 | 9 | 1 | 7 | 8 | 2 | 5 |
| 8 | 5 | 6 | 7 | 3 | 1 | 4 | 9 | 2 |
| 9 | 7 | 1 | 6 | 2 | 4 | 5 | 8 | 3 |
| 2 | 4 | 3 | 8 | 9 | 5 | 6 | 1 | 7 |
| 1 | 2 | 5 | 4 | 8 | 9 | 7 | 3 | 6 |
| 6 | 9 | 8 | 5 | 7 | 3 | 2 | 4 | 1 |
| 4 | 3 | 7 | 1 | 6 | 2 | 9 | 5 | 8 |

" Camp de Basket-ball "


# Nanofana mpilalao tanora sy zandriny 23 ny " Event 'Nao "



Nofaranana tamin'ny fizarana "Attestation" ny lanonana. (Sary a.r)

Tontosa tamin'ny alahady teo ny fanofanana basketball an'ireo mpilalao tanora sy zandriny miisa 23 mianadahy, sokajy latsaky ny 12 sy 14 ary 16 taona, nahitana zazavavy 2 avy tamin'ny klioba maro, nandritra ny efatra andro (9-12/03/2023), teny amin'ny Oseanis Park Ambohidahy – Alakamisy / Ambohidratrimo, nokarakarain'ny " Event 'Nao ", izay niarahany niasa tamin'ireo kalaza lahy amin'ny fanazarana an'ity taranja iraisana iray ity, notarihin'i Bayard Razafindralambo, mpanazatra ny ekipam-pirenena vehivavy " Ankoay U18 " sy ny Dream Team Sporting Club, niaraka tamin-dry Ndranto Rakotonanahary (MB2All) sy Francky Arnaud Rajonson, Filohan'ny " *Conseil des Entraîneurs de Basket-Ball* ", ary Andriantiana Rahary Njivalalaina (DTSC). Nahazo ny fankatoavana tamin'ny mpitantana ny " *Section de Basket-Ball Ambohidratrimo* " ny fanofanana natao teny an-toerana. Adiny enina ora isan'andro ny fanofanana natao, niainga tamin'ny fampianarana fototra amin'ny filalaovana basket-ball (théorie – pratique). Tsy natao ambanin-javatra ihany koa ny fampiasana "*vidéo*", nanamafisana sy nanatsarana ny fampianarana natao tamin'ireo mpilalao, izay noferana ny isany ka tsy avy eto Antananarivo irery ihany fa misy hatrany amin'ny faritany. Anisan'ireo mpilalao nisongadina tamin'ny fanofanana natao ry Rapà – Allan – Mika – Mathias – Bradley – Eric – Manoa – Audrey – Anthonio – Françis – Nata – West – Stanley – Haga – Just, izay nahitana fivoarana haingana hoy ny mpampiofana. Nanterin'i Bay fa afaka taona vitsy monja, dia hananana ny toerany ao anatin'ny Ankoay ny sasany amin'ireo mpilalao niofana ireo. Nomarihany ihany koa fa efa fanao mahazatra any amin'ireo firenena mandroso sy efa lasa lavitra amin'ity taranja ity ny fanatanterahana ny " Camp de basket-ball " toy izao, fampivoarana haingana ny fahaiza-manaon'ny mpilalao. Azo lazaina fa anisan'ny taranja mahazo ny fon'ny tanora, ary betsaka mpikatroka indrindra amin'izao fotoana izao ny basket-ball. Eo amin'ny lafiny fifaninanana, tsy eto an-toerana ihany fa iraisampirenena mihitsy, dia efa mihamahazo vahana ny mpilalao basket-ball malagasy, izay hiatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany ato ho ato (World CUP U19 (5x5) / FIBA 3x3). Araka ny fanamarihana nataon'i Mahandry Rajerison sy Nandrianina Razanakarivo, tomponandraikitry ny " Event 'Nao", dia tsy ny lafiny ara-pialamboly sy ny fikarakarana lanonana, nahazatra azy hatramin'izay intsony no imasoany fa mivelatra amin'ny fampandrosoana ny hetsika ara-panatanjahantena. Porofon'izany ny fametrahan'ny Oseanis Park fotodrafitrasa maro amin'ny filalaovana beach volley, " foot à 5 ", kanetibe, baby foot, dobo filomanosana (25 m)….Manginy fotsiny ny maha toerana fandraisana sy fanaovana lanonana ary fitsangatsanganana azy, ahitana efitrano fandraisam-bahiny 24, "discothèque", izay miorina ao anatin'ny velaran-tany 5 hekitara. Amin'ny fetin'ny Paska izao, dia fantatra fa hisy fifaninanana hetsika ara-panatanjahantena amin'ireo toeram-pilalaovana ireo, miaraka amin'ny fampisehoana zava-kanto, nanasana artista malaza, karakarain'ny "Event 'Nao" eny amin'ny Oseanis Park .

**aris rafaly**

**PRIERE AU SACRE CŒUR**

***Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.***

Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

*Remerciements au Sacré-Cœur pour faveurs obtenues.*

G-CL 454/1-1 14/03/23 RASOANANDRASANA L..M.A


Handball - Akion'i Madagasikara

# Mbola betsaka ny asa miandry, hoy ny mpanazatra Michael Andrianaivo

*Azo antoka ny hahazoana medaly volamena, na dia fohy aza ny fotoana hanomanana.*



Tsy nahovoka ny Akion'i Madagasikara teto ny Assm.

Hifarana anio ny fampivondronana voalohany ho an'ny Akion'i Madagasikara, eo amin'ny taranja Handball. Mialoha izany niatrika lalao fitsapana tamin'ny Assm izy ireo omaly tetsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano, izay lalao natao 50mn intelo miditra ka nivoaka mpandresy hatrany ny AKIO (10/8-10/8- 21/16). Taorin'izany, nanambara ny mpanazatra, Michael Andrianaivo, izay teratany Malagasy mpanazatra ny ekipan'ny St Pierre La Réunion, fa efa nahita ny haavo teknikan'ny mpilalao Malagasy ny tenany nandritra ny fifaninanam-pirenena tany Mahajanga, betsaka ny asa miandry hoy izy satria dia ambony ny haavo teknikan'ny mpifanandrina Renioney sy ny Mahorais. Amin'ny fampivondronana faharoa, hoy ity mpanazatra ity vao hiezaka hametraka ny fomba filalao sy hampiakatra ny haavo teknika satria dia tsy afaka hoentina amin'ny Iraisampirenena ny teknikan'ny mpilalao Malagasy. Mametraka ahiahy kely amin'ny tsy fahampian'ny fotoana hanomanana tsara moa ny tenany, saingy hiezaka hanao izay fara-heriny. Tsiahivina, 29 no nantsoina tamin'ny voalohany saingy 21 sisa no nanaraka iny fampivondronana voalohany teo iny. Ho an'i Herizo Rasolofoson SG ny FMHB, dia nanambara fa iray volana no nandeha ny fampivondronana ho an'ny Akio lehilahy nataon'ny federasiona. Mizotra tsara ary mifameno tsara ny fiarahamiasa eo amin'ny mpanazatra sy ny federasiona, hoy izy, ity farany izay hody any La Réunion ary amin'ny tapaky ny volana avrily no hiverina. Handrombaka medaly volamena no tanjona, hoy hatrany ity SG ity ka nahatonga ny fanomanana aloha. Nanambara ihany koa i Jhon mpilalao, fa mety hatreto ny zavatra hoentin'ny mpanazatra, azo antoka ny hahazoantsika medaly volamena amin'ny Lalaon'ny Nosy, hoy izy.

**Rabenaivo**

Basket - Tompondaka " N1BH "

# Hanao famaranana ny Fandrefiala sy ny ekipan' ny AKBB Besarety

Fantatra tamin'ny faran'ny herinandro teo, teny amin'ny kianja Toby Ratsimandrava Andrefan'Ambohijanahary, ny ekipa anankiroa tafita amin'ny lalao famaranana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny "Section Basket-Ball Antananarivo Renivohitra" eo amin'ny "N1B" lehilahy. Teo amin'ny lalao manasa-dàlana dia azo lazaina fa nifandanja avokoa ny lenta sy ny fahaiza-manaon' ireo ekipa efatra tonta, izay niatrika an'izany dingana izany. Tsy nifanalavitra loatra ny isa nisarahana teny amin' ny tabilao fa nifanakaiky. Tamin'ny isa 63 no ho 61 no nanilihan'ny AKBB Besarety ny Stade Olympique de L'Emyrne na ny "Mena-valahana", izay azo lazaina fa mihamiverina amin'ny heriny tsikelikely. Tao anatin'ny fanatanterahana ny "money –times" ihany koa vao fantatra ny ekipa nandresy tamin' ny fihaonana fanindroany. Lavon'ny Fandrefiala tamin' ny isa 64 no ho 60 ny BCR Ambohimanarina. Teo ampialan-tsasatra anefa dia nitarika tamin'ny isa 32 no ho 18 ny ekipan'Ambohimanarina, izay nanilika ny ekipan'ny miaramilla (COSFA) tany amin'ny lalao ampahefadàlana. Tsy fahampiana fahamatorana no nampandringa ny mpilalaon'ny BCR, nandritra ny fanatanterahana ny ampahefa-potoana farany ka hain'ny mpifanandrina taminy ny nanararaotra an'izany. Marihina fa samy tafita amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny Ligin' Analamanga avokoa ireo ekipa efatra niatrika ny lalao manasa-dàlana ireo. Ankoatra ny fifaninanana teo amin'ny lehilahy, dia tontosa ihany koa ny lalao ampahefadàlana teo amin'ny "N1B" vehivavy, izay tsorina fa misy mifanalavitra tokoa ny lentan'ny ekipa nifampitana sasany. Tahaka izao ny vokadalao rehetra tamin'izany : Fandrefiala (75) # DBC (09) – ACA (43) # ASSM (47) – Lucadro (47) # Akamasoa (42) – Mb2All (57) # ASA (45).

**a.r**


**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola

Ar 37 452 000

Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON

034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH

034 34 697 10

Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

Tél.: 22 697 79 / 22 697 80

Fax. 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

D.L.I.: 15 984 - 03 - 23

Isan'ny natonta : 25 000


*Nahandro*

## Petits pois à l'anglaise

**Zavatra ilaina :** petits pois 1,5kilao, dobera 30g, romarin, sira, dipoavatra, siramamy.

**Fikarakarana azy :** Arotsaka ao anaty rano mangotraka efa misy sira ny petits pois. Arotsaka ny siramamy sy ny romarin dia avela hiketrika mandritra ny 15mn. Rehefa masaka ny petits pois dia loarana anaty lovia. Empoina ny dibera dia somary endasina ao indray ny petits pois. Asiana sira sy dipoavatra. Esorina avy eo ary azo aroso avy hatrany.


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Vovonana HIFFIM

# Mandrangaranga ny hisian'ny korontana raha tsy hirosoana ny fikaonan-doha

*" Hisy ady an-trano sy rà mandriaka indray eto raha tsy miroso amin'izany fikaonan-doham-pirenena izany isika ", hoy i Alain Andriamiseza, tamin' izany.*

Mitombo hatrany antokon' olona te hiezaka hampino na hampiditra ao an-tsain'ny vahoaka malagasy fa mety hisy korontana eto raha tsy hirosohana ny fikaonan-doham-pirenena kanefa hotanterahina ihany ny fifidianana izay ho filoham-pirenena. Ankoatra ny firaisamonim-pirenena sy ny fianakaviamben'ny mpanohitra ary ireo Raiamandreny arapanahy dia nanao izany ihany koa ny vovonana HIFFIM na Hetsika Iombonana ho an'ny Fanarenana sy ny Fanorenana Ifotony an'i Madagasikara, omaly. « *Tsy hitondra fitoniana sy fandrosoana eto amin'ny firenena ny fifidianana izay ho filoham-pirenena manaraka eo raha tsy ialohavana fifampidinihana handraisan'ny rehetra anjara izany* », hoy Ing. Alain Andriamiseza, filoha mpitarika ny vovonana tamin'izany. Mieritreritra ity farany ao anatin'izany fa mety hiverina ny toy ny tamin'ny krizy 2002, izay nateraky ny fifanolanana teo amin'ny kandidà anankiroa manoloana ny voka-pifidianana navoaka tamin'izay raha tsy raikitra hatramin'ny farany io fikaonan-doham-pirenena io. Manaraka izany, manohitra ny sakantsakana atao amin' ny mpanohitra mikasa ny hamory vahoaka ny vovonana HIFFIM. « *Tokony hitovy avokoa ny fepetra raisina amin'ny rehetra fa tsy hoe ny sasany havela hanao fampielezan-kevitra mialoha ny fotoana an-kahalalahana kanefa ny sasany raràna* », hoy hatrany i Alain Andriamiseza tamin'izany.

**Mamy R.**

Andry Rajoelina tao Morombe

# Namaly ny fangatahan'ny Ben'ny tanàna

Nitohy tao amin'ny disitrikan' i Morombe ny fidinana ifotony nataon'ny Filoha Andry Rajoelina mivady omaly. Nandritra ny fandalovany tany an-toerana no nitondrany fanampiana ho an'ireo traboina vokatry ny rivodoza Freddy. Nararaotin'ireo Ben'ny tanàna tamin'izany ny nitondran'izy ireo ny hetahatehan'ny vahoaka tao aminy. Tsy nisalasala moa ny Filohan'ny Repoblika namaly avy hatrany fangatahan'ireto olom-boafidy avy eny ifotony ireto. Tafiditra ao



anatin'izany fanomezana paompy fanamainana ireo toerana dibo-drano ao Morombe. Teo koa ny famahana ny olan'ny deletazy, ny fizarana « kits scolaires », ary moto ho an'ireo Ben'ny tanàna sivy. Namaranany ny fitsidiham-paritra ny fizaran' ny Filoha sy Rtoa vadiny fanomezana ho an'ireo ankizy 7200 tao Toliara, izay niarahana niasa tamin'ny ONG TAK sy ny Samaritan's Purse avy any Etazonia.

**JUDD**

Fanamboarana ny lalam-pirenena simba

# Hanomboka amin'ny 20 marsa ho avy izao ny any Maevatanana

Tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo no nidina ifotony nijery ny teboka sy ny tetezana. Tsy maintsy hamboarina ary nanome toromarika ny fomba hanarenana ny lalam-pirenena simba ny Minisitry ny Asa Vaventy, ny kôlônely Andrianatrehina Livah. Anisan'izany ny lalam-pirenena faha-4 (eo an-tampon-tanànan'i Maevatanana izay efa ahiana ho tapaka). Nomarihin'ny minisitra mpiahy fa tsy hijanona eo amin'ny lalam-pirenena fahaefatra fotsiny ny fanamboarana fa voakasik'izany ihany koa ny lalam-pirenena faha-2 ; faha-6 ; faha-13... Asa vinavinaina ho vita mialoha ny faran'ity taona ity. Mikasika an'i Maevatanana manokana dia efa nahazo famatsiam-bola avy amin'ny CERC ( Contingency Emergency Response Component ) ary efa nisy ny orinasa nahazo ny tsena. Fanamboarana kendrena hanomboka alohan'ny 20 marsa ho avy izao. Efa miresaka minisiteran'ny Asa Vaventy dia ny solontenan'ny Banky Iraisam-pirenena no nihaona tamin'ny minisitra mpiahy, omaly antoandro. Fihaonana nifantoka tamin' ny fanohizana ny fiarahamiasan'ny roa tonta, mahakasika ny fanamboarana ireo lalam-pirenena vatsian'ny Banky Iraisam-pirenena vola.

**V.R.**

Governoran'Alaotra Mangoro

# Hametraka ny fangaraharan'ny fitantanana

Programa sy fomba fiasa vaovao no entin'ny Dr Guy Ramarosandratana, Governoran'ny faritra Alaotra Mangoro mitantana sy mampandroso ny faritra hiadidiany. Aminy, dia mila mandray andraikitra daholo ny herivelona rehetra hampandroso ny faritra. Isan'ny laharampahamehany ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana, indrindra ny "kidnapping" izay nafampana tato ho ato. "*Malalaka tanteraka ireo mpitandro filamianana amin'ny fanatanterahana ny asany, fandraisana anjara amin'ny fampitaovana toy ny solika sy ny sakafo ny an'ny faritra.*" hoy ny Governora. Nisaorany manokana ny Filoha Andry Rajoelina, nandefa miaramila hanampy tosika ny mpitandro



**Ny Dr Guy Ramarosandratana, Governoran'ny faritra Alaotra Mangoro.**

filaminana any an-toerana. Ao anatin'ny politikan'ny governora ihany koa ny fametrahana ny fangaraharan'ny fitantanana. "*Fitantanana madio no hitondrana fampandrosoana ny faritra*" hoy izy. Ao anatin'izany ny fandoavana ireo vola tsy voalohan' ny faritra teo aloha. Hojerena tsirairay ireo orinasa nahazo tsenambaro-panjakana ka raha nanaraka "procedure" sy nahavita tsara ny asa dia aloa ny volany. Nantintranteriny, fa tsy tokony hisy distrika adinoina intsony ao anatin'ny faritra. Toa an'Andilamena sy Anosibe An'ala izay tena ratsy lalana, ka tokony hatao "pavet". Nisaotra ny filoham-pirenena tamin'ny fahavitan'ny RN44 ny governora, ary nambarany, fa azo hitadiavana fidirambola ho an'ny rehetra amin'ny fametrahana "site touristique" any an-toerana.

### Tantsaha maro an'isa

Mikasika ny sosialimbahoaka, dia mirona amin'ny fijerena manokana ireo tantsaha maro an'isa ny Governora. Ao anatin'izany ny vatsin'ankohonana - fampitaovana zezika – fiarovana ny vidim-bokatry ny tantsaha - fanamboarana sy fanajariana barazy sy lakandrano - fanentanana ny tantsaha hanao voly avotra, sns. Ankoatra izay, ankatoka ity 29 martsa. Efa nisy ny fidinana ifotony nijeren'ireo ekipan'ny faritra ny làlana sy ny "stèle" hanatanterahana ny fahatsiarovana ireo mahery fon'ny firenena.

**Niry R.**

## Marina izany !

### Miezaka mandamina !

**Raha nanenjana faran'izay zokiny, araka ny fomba fitenin'ny tanora ny filohan'ny oniversiten'Antananarivo, taorian'ny fomba nampiasain'ny mpianatra eny Vontovorona, nitakiana ny maharary azy ireo, ny minisitera mpiahy kosa tsikaritra ho miezaka mandamina. Itsy voalohany, raha tsiahivina dia fanakatonana ny oniversite, narahina fandroahana mpianatra sy fampiakarana filankevi-pifehezana no fepetra navoakany. Tsy maintsy resahia kosa anefa fa fahefan'ny filohan'ny oniversite, azy manokana ny fanakatonana ny toerampianarana. Tsy hiditra lalina eto isika hoe nety ve sa tsy nety ny fanapahan-kevitra noraisiny. Ny zava-nisy fotsiny dia tsy neken'ny minisitera ny fepetra noraisiny, noho ny toe-draharaha nisy nidiran'ny resaka pôlitika. Dia ireny niarahantsika nahita, tamin'ny tambanjotra sôsialy ireny ny fifanoherana, efatra amby roapolo ora taty aoriana fotsiny. Tsy nahagaga ny antony satria nangotraka ny fanakianana teny amin'ny tambajotra sôsialy, miohatra amin'ilay fanidiana oniversite. Araka ny efa nomarihina tetsy ambony dia miezaka mandamina ny minisitera. Mandeha hatamin'ny omaly ny fifampiresahana amin'ny solontenan'ny mpianatra, handaminana ny olana. Ny vahaolana izay heverina fa tsy misy afa-tsy ny fampiatoana, na ho vonjimaika na ho fanafoanana tanteraka ny " digitalisation " ka hiverenana amin'ny fomba teo aloha nandoavana ny vatsim-pianarana. Mba mandefitra aloha ireo sokajin'olona samihafa, mahazo tombontsoa amin'io fomba fizaram-bola manara-penitra io, ho amin'ny fahatoniana sy ny filaminana mandra-pahatongan'ny fifidianana e! Raha tsy izany mantsy dia hiverina hatrany ny savorovoro hitakian'ny mpianatra ny zony !**

Voahangy Rakotozafy

Ny tokony ho fidiana ho filoham-pirenena

# Olona mizaka ny zom-pirenena Malagasy irery ihany

Olom-pirenena mifaka amin'ny tany misy azy, tsy miroaroa saina eo amin'ny fanatanterahina ny andraikiny, tsy hirona, tsy hivena na inona na inona sedra manjo azy, fototr'olona, tsy miantehitra afa-tsy amin'ny heriny. Ireo no toetoetra tokony hananan'ny mpitondra vao azo inoana fa hampijoro ity firenentsika ity. Raha todihana ny lasa dia miharihary ny akon'ny fahabangan'ireo toetra ireo teo amin'ny fomba nitantanana ny firenena. Mora andairan'ny vola , ireo izay eo ampelatanan'ny saranga vitsy an'isa izy ireo ary mamono avy hatrany ny masom-panahiny sy ny fitiavan-tanindrazany. Azon'ireo olona vitsy an'isa ireo mora foana ny zom-pirenena malagasy ary ampiasainy amin'ny sehatra maro samihafa, mba azahoany tombontsoa. Ireo sarangan'olona ireo dia afaka mibaiko an-kolaka ny mpitondra novatsiany tamin'ny fampielezan-kevitra. Tsy afa miala amin'ny tsindry ny mpitondra ka ny vahoaka no mibaby ny vokatr'izany. Ankoatra izay dia tsy tokony hatao an-jorom-bala ireo Malagasy vonona hampandroso ny tanindrazany na dia mizaka ny zom-pirenena hafa, ary n'aiza n'aiza misy azy. Tokony ho afaka mifidy izy ireo. Ireo no toetra tokony ho takiana ami'ireo mikasa hitondra, hatrany fokontany ka hatrany amin'ny rafitra ambony indrindra.

### Fifidianana filoham-pokontany no hanombohana azy

Ny mponina ao amin'ny fokontany no hisahanany fanisana, ny fampandehanana an-tsakany sy andavany ny fizotry ny fifidianana. Ilaina ny fanentanina ny mponina hirotsaka amina antoko politika, mba azahoan'izy ireo manolotra olona hofidiana ao amin'ny filan-kevitra na ho filohampokontany. Ny mponina any amin'ny fototra no manolotra ny politikan'ny fampandrosoana hitantanana ny faritra misy azy avy ary ny olom-panjakana avy ao amin'ny miniteran'ny Atitany no hanome fiofanana sy toromarika ho azy ireo amin'ny fitantanan-draharaha. Apetraka mazava tsara ny lalàna mampijoro ny fokontany, mba tsy hanilikilihana an'ireo mpikambana ao aminy. Ireo voafidy eo amin'ny filankevitry ny fokontany sy ny filohany no hifidy ny ho eo anivon'ny boriborintany (ho an'ny kominin'andrenivohitra) dia miakatra eo anivon'ny distrika ary ny faritra. Ampandraisina andraikitra hatrany ireo olom-boafidy isan'ambaratonga ary ho voafidy avy hatrany arak'izany ny olona ho filoham-paritra. Tsy tokony hifidy depiote na filohampirenena ny vahoaka fa mpifidy voafantina no tokony hisolo toerana azy ireo.

**Nary Ravonjy**